

A FAHAFAHANA AO AMIN'I KRISTY. Galatiana 5:1.

- ❖ Inona no nanafahana antsika tao amin'i Kristy?
 - Ny ota (Romana 6:18)
 - Ny fanamelohana (Romana 8:1)
 - Ny faharatsian'izao tontolo izao (Galatiana 1:4)
 - Ny ozon'ny lalàna (Galatiana 3:13)
 - Ny fanompoan-tsampy (Galatiana 4:8)
 - Ny fanadevozan'ny lalàna (Galatiana 5:1)
 - Ny devoly (Hebreo 2:14)
 - Ny fahafatesana mandrakizay (Hebreo 2:15)
- ❖ Tsy nandoa ny onitry ny fahafahantsika tamin'ny tenantsika isika. Jesosy no nandoa ny sandany teo amin'ny Hazo Fijaliana (1 Korintiana 6:20; 7:23). Tsy mila manao na inona na inona isika mba ho olon'afaka.

B FAHAFAHANA SY FITANDREMANA FATRATRA NY LALÀNA. Galatiana 5:2-12.

- ❖ Nahoana no zava-dehibe tamin'i Paoly ny fandidiana kely atao amin'ny nofo? Toa tsinotsinona akory izany (Galatiana 5:2-12)
 - Ireo izay noforana dia tsy maintsy mankato ny lalàna REHETRA mba ho voavonjy (and. 3).
 - Izany dia fanamarinana amin'ny asa, koa mandà ny fanamarinana atolotr'Andriamanitra ao amin'i Kristy ireo (and. 4).
 - Sakana lehibe eo amin'ny lalan'ny fitomboana ara-panahy izany (and. 7).
 - Manala ny “fahatafintohinana” noho ny Hazo Fijaliana ny famorana. Rehefa tehamonjy ny tenanao ianao, dia manafintohina ny avonavon'olombelona ny hafatry ny Hazo Fijaliana, satria tsy maintsy manaiky isika fa miankina tanteraka amin'i Kristy (and. 11).

D FAHAFAHANA SY FILIBANA AMIN'NY FAHALIANANA ARA-NOFO. Galatiana 5:13.

- ❖ “Sanatria izany! Hataontsika izay efa maty ny amin'ny ota ahoana no ho velona aminy ihany?” (Romana 6:2).
- ❖ Ho solon'ny fanaranan-tena amin'ny ota, dia mitarika antsika hanompo [tonga andevo] am-pitiavana ny fahafahantsika.
- ❖ Raha tena maniry ny ho mpanompo [andevo] isika satria tiantsika ny namantsika, dia mahatanteraka ny lalàna isika (Romana 13:10).

E FAHAFAHANA SY LALÀNA. Galatiana 5:14-15.

- ❖ Nataon'i Jesosy mazava izany: ny fitandremana ny litera ao amin'ny lalàna sy ny manatanteraka ny tanjon'ny didy dia zavatra roa samihafa (Matio 5-7).
- ❖ Nampiasain'i Paoly ny teny hoe “manatanteraka” satria misy heviny kokoa noho ny “manao.” Koa ny fankatoavana dia noho Jesosy ao anatintsika.
- ❖ Tsy fahafoizana ny lalàna izany, na fanaovana ny lalàna ho fitiavana ihany; fa lalana izay ahafahan'ny mpino manandrana ny tena zava-kendrena amin'ny lalàna sy ny heviny marina!